# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Jolay 2018

**10** **Talata**
jolay

**Amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany.** 2 Petera 3. 3

**Ny Tompo … mahari-po aminareo…, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra.** 2 Petera 3. 9

### Ry lolo ô, aza dorana ny elatrao

Tsy azon'ny lolo an-tsaina ny hery mandevona ananan'ny afo. Voasinton'ny hazavana izy ka manatona, ary dia maty, sady may ny elany. Ny olombelona ve mba miato, hieritreritra ny vokatry ny fiainana tsy misy an'Andriamanitra, izay mitondra azy ho amin'ny fanamelohana ? Izy ve tsy manaiky ho voasintona fahafahana sandoka, voasinton'ny nofinofy hoe afaka manao izay tiany hatao, raha mbola tsy tratran'ny fitsaran'olombelona ? Mbola loza kokoa aza… aleony mihevitra fa tsy hanatrika ny fitsaran'Andriamanitra mihitsy izy. Fahadalana mampidi-doza izany, satria feno fahefana ny Baiboly no manambara fa tsy maintsy hampamoahin'Andriamanitra isika (Hebreo 9. 27) !

Nefa mahari-po ny Tompo. Hitany avokoa ireo izay voagejan'ny fiheveran-disony, ka mizotra ho amin'ny fahaverezana. Ary anio Izy dia miangavy azy ireny hiverin-dalana tanteraka. Minoa fa tia anao ny Tompo Jesosy ary te hanala anao tsy hiharan'ny fitsaran'Andriamanitra. Eo amin' izany fitsarana izany dia tsy hahateny sy ho voaheloka ny olona tsirairay, manoloana ireo fahotany hahariharin'ny fahazavan'Andriamanitra. Tia anao Andriamanitra, ka izany no naneken'i Jesosy Kristy hotsaraina sy homelohina eo amin'ny toeranao. Voahombo teo amin'ny hazofijaliana Jesosy Kristy, nizaka ny vokatry ny zavatra rehetra naniratsiranao an'Andriamanitra. Hafatra manambara fitiavana, fahasoavana, ary famelan-keloka izany, hafatra manambara fahafahana, hafatra tokony horaisina am-pahatsorana.

Ry namana, aza mangataka andro, raiso izao ankehitriny izao io hafatra io. Dia havelan'Andriamanitra ny helokao, sady ho ao aminao ny fiadanany. Jesosy Kristy no hanome anao aina vaovao sy fahazoana antoka momba ny hoavy.